



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASKARA
Fitovavona - Tanindrazana - Fandresonane

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANOAVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-199

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY TOLO-DALÀNA
LAHARANA FAHA-009-2021/PL «MODIFIANT ET COMPLÉTANT CERTAINES
DISPOSITIONS DU CODE DE PROCÉDURE PÉNALE» NATOLO-DRAMATOA
RAZAIHARIMALALA HARIZAKA FIAINANTSOA, SOLOMBAVAMBHOAKAN'I
MADAGASKARA VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I SOAVINANDRIANA**

Fivoriana Faha-11
Natao ny
Zoma 10 Jona 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

FOTOANA: Zoma 10 Jona 2022, tamin'ny 1 sy 30 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale» natolo-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana.

Nitohy ny Zoma 10 Jona 2022, tamin'ny 1 sy 30 minitra, atoandro, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, no nitarika izany.

Rehefa niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne.

Nampahatsiahysy ny fandaharam-potoana, ny tenany taorian'izay araka ny voalaza etsy ambony ary nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, taorian'ny fiantsoana anarana nataony sady niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, hamaky ny tatitra momba Tolo-dalàna.

Nanatontosa izany, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Talata 7 Jona 2022 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale» natolon-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana.

Andriamatoa IDEALSON, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
2. VOAhanginirinazafimandimby Marie Laurette
3. IDEALSON
4. RABENARY Jean
5. EDIZARD

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. IDEALSON
2. PEPIN Michou
3. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. MAMANGY Norbert
2. Michelle Bavy Angelica

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisitera tonga nisolotena ny Gouvernementa;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|--------------------------------|---------------------|
| 1. RAKOTONIRINA Vololoniaina | Chef SL/DERL/MINJUS |
| 2. ANDRIAMANANA RAMAHAVOKATSOA | DGRA MIN INT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, izay nanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika izany.

Nambarany fa manoloana ireo ahiahy maro eo amin'ireo Ben'ny Tanàna sy ny Lehiben'ny Faritra na ny Governora izany, amin'ny fanatanterahana ny asany ka tsy hahafahan'izy ireo manatanteraka an-tsakany sy an-davany ary indrindra am-pitoniana izany asa izany no antony nanolorana izao Tolo-dalàna izao.

Ny fanovàna izay hoentina dia mikasika indrindra ny andininy faha-514 ao amin'ny Paika ady heloka na ny «code de procédure pénale».

Raha ny voalaza ao amin'io andininy io izay mikasika ny fanenjehana ny Ben'ny Tanàna sy ny Lehiben'ny Faritra dia mitaky alalana na «ordre de poursuite» avy amin'ny «Procureur Général auprès de la Cour d'Appel» ny fanatanterahana izany. Heverina anefa fa tsara kokoa raha ampiana ny «avis» avy amin'ny Minisitera ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ihany koa izany, noho izy ireo miankina amin'io Minisitera io.

Ny antony ihany koa dia ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no heverina, fa afaka mahalala tsara ny raharaha izay mikasika ireo Ben'ny Tanàna sy ny Lehiben'ny Faritra, na manao ny «appréciation» izany, ka rariny raha anontaniana ihany koa ny heviny mialohan'izay mety ho fanenjehana atao azy ireo.

Tsara anefa ny manamarika, fa tsy hoe omena zo tsy ho azo engehina na «immunité» akory ny Ben'ny Tanàna sy ny Lehiben'ny Faritra, fa fangatahama ny hevitra na «avis» avy amin'ny Minisitera izay miahya azy ireo ihany izany. Tsy tokony hanohintohina ny asan'ny fitsarana noho izany izao fanovàna kasaina hoentina izao, na koa hiteraka ny tsy fanajana ny fisaraham-pahefana eo amin'ny Fahefana Mpanatanteraka sy ny Fahefam-pitsarana, fa vao maika manampy ny fitsarana amin'ny fanatanterahany ny asany.

Rehefa izany, nandray fitenenana ny Sombavambahoaka avy ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna, ka nanambara fa tafiditra tsara ao anatin'ny «domaine de la loi» araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ity Tolo-dalàna ity satria andininy iray efa misoratra ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Paika ady heloka (Code de procédure pénale) no hasiam-panovàna. Izany hoe, lalàna efa mihatra eto amin'ny firenena no hasiam-panovàna eo amin'ny andininy iray, ka noho izany, tsy misy ny sakana amin'ny fandinhiana azy.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fanaovana fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA

Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

1. Tsara dinihana lalina ihany ity Tolo-dalàna ity satria misy Ben'ny Tanàna nihinambola, toy ny "caisse d'école" ohatra. Rehefa tsy Ben'ny Tanàna intsony izy dia tsy nisy fanenjehana akory. Tsy izy rehetra anefa no nanao izany ka mila jerena tsara ihany.
2. Matetika, tara ny dingana avy any amin'ny Mpampanoa Lalàna satria lasa any amponja mialoha ny Ben'ny Tanàna noho ny fisamborana azy avy hatrany.
3. Tsy olana mikasika ny fitantanam-bola eny anivon'ny Kaominina ity Tolo-dalàna ity, fa fametrahana ny fomba entina hanenjehana ireo Ben'ny Tanàna na Lehiben'ny Faritra manao heloka. Raha toa misy ny fanenjehana azy ireo dia ilaina ny "avis" avy amin'ny Minisitera mpiahy.

Fanamarihana avy amin'ny Teknisiana:

1. Efa nisy ny fandinhana ity Tolo-dalàna ity teto anivon'ny Antenimirampirenena, ka nisy ny rijan-teny iombonana nivoitra tamin'izany. Ankehitriny anefa, toa nisy fiovàna izany satria ny hevitra nivoitra dia tsy hofoanana na hokithana ireo «Chefs de Provinces, Préfets, sous-préfets» fa hampiana fotsiny ireo «Maires» sy ny «Chefs de Régions», satria lasa atao an-kilabao izy ireo raha esorina ao anatin'ity rijan-teny ity.
2. Tsara raha esorina ny voambolana «Gouverneurs» satria rafitra mandalo ihany izy io, ka mba tsy hikitihana ny lalàna matetika dia aleo soloina «Chefs de Régions».
3. Ny voambolana «avis conforme» dia tsara dinihana ihany sao ny fiandrasana ny «avis» avy amin'ny Minisitera mpiahy no ho sakana amin'ny fampandehanana ny fanenjehana, ka tsy hoe miandry «avis» no izy fa fampahafantarana ny Minisitera mpiahy fotsiny ihany.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy ny Tolo-dalàna ny mpivory.

- **Famelabelarana ny antonantony:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)
- **Andininy voalohany:** Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)
- **Andininy faharoa:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy fahatelo:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-efatra:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-dimy:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolianan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Vaomieran'ny Lalàna, tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale» natolo-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'ny Soavinandriana ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

<u>Version originale</u>	<u>Version amendée</u>
<p><u>Exposé des motifs:</u></p> <p>La présente Proposition de loi modifie et complète les dispositions de l'article 514 du Code de procédure pénale.</p> <p><u>Cet article</u> prévoit la nécessité d'un ordre de poursuite émanant du Procureur Général près la Cour d'Appel avant la poursuite pénale contre <u>un chef de l'Exécutif des Collectivités Territoriales Décentralisées, à savoir les Maires, les Chefs de Région ou Gouverneurs.</u></p> <p>Tel est l'objet de la présente proposition de loi.</p>	<p><u>Exposé des motifs:</u></p> <p>La présente Proposition de loi modifie et complète les dispositions de l'article 514 du Code de procédure pénale.</p> <p>L'ancienne version de cet article prévoit la nécessité d'un ordre de poursuite émanant du procureur Général près la Cour d'Appel avant la poursuite pénale contre un Représentant de l'Etat ou un chef d'arrondissement. La présente proposition de loi apporte une mise à jour de leur dénomination.</p> <p>Mais cette proposition de loi étend également la nécessité de l'ordre de poursuite aux chefs de l'Exécutif des Collectivités territoriales décentralisées, à savoir les Maires et les Chefs de Région, afin de leur accorder un minimum de protection avant l'engagement d'une poursuite pénale.</p> <p>Tel est l'objet de la présente proposition de loi.</p>
<p><u>Article premier :</u> Les dispositions de l'article 514 du Code de procédure pénale sont modifiées et complétées ainsi qu'il suit :</p> <p>« Article 514 (nouveau) –</p> <p>Lorsqu'un <u>Maire, un Chef de Région ou un Gouverneur,</u> est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice de ses fonctions, la poursuite ne</p>	<p><u>Article premier :</u> Les dispositions de l'article 514 du Code de procédure pénale sont modifiées et complétées ainsi qu'il suit :</p> <p>« Article 514 (nouveau) –</p> <p>Lorsqu'un Préfet, un Préfet de police, un Chef de District ou un Chef d'arrondissement administratif, est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice</p>

<p>peut être engagée que sur l'ordre du Procureur Général près la Cour d'Appel <u>et après avis conforme du Ministre en charge de la Décentralisation.</u></p> <p>La poursuite, l'instruction et le jugement sont confiés à des juridictions autres que celle dans le ressort de laquelle le fonctionnaire inculpé exerce ses fonctions, et désignées par le Premier Président de la Cour d'Appel, comme il est prévu à l'article précédent.»</p>	<p>de ses fonctions, la poursuite ne peut être engagée que sur l'ordre du Procureur Général près de Cour d'Appel et après en avoir avisé le Ministre en charge de l'Intérieur.</p> <p>Lorsqu'un Maire ou un Chef de Région, est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice de ses fonctions, la poursuite ne peut être engagée que sur l'ordre du Procureur Général près la Cour d'Appel et après en avoir avisé le Ministre en charge de la Décentralisation.</p> <p>La poursuite, l'instruction et le jugement sont confiés à des juridictions autres que celle dans le ressort de laquelle le fonctionnaire inculpé exerce ses fonctions, et désignées par le Premier Président de la Cour d'Appel, comme il est prévu à l'article précédent.»</p>
---	---

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, tamin'ny famakiany ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Nomena fitenenana, Andriamatoa IDEALISON ary nilaza fa sady hanitsy ny tatitra izy no hitondra fanazavana fohy raha azo atao.

Nanamarika izy fa ny Vaomieran'ny Lalàna no tena nitarika ny asam-baomiera niarohana tamin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

Nahitana ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta koa ny teny hoe «avis», ka voakasika teto ny resaka “avis conforme”. Narenin'ny Vaomiera izay, ka nisy ny fanovàna ary nesorina ny teny hoe “avis conforme”. Raha nanontaniana ny mpanolotra ny Tolo-dalàna; mitovy amin'izay koa ny heviny.

Ny antony ametrahana ny «avis» dia tsy fanakanana ny fanenjehana ny Ben'ny Tanàna, fa rehefa atao ny fanadihadiana dia tokony hohita ao amin'ny antontan-taratasy ny “avis” avy amin'ny Minisitera milaza fa mety nisy tokoa ny fanodinkodinam-bola na fahadioana hafa teo ampanao vany ny asany. Fantatra fa ny mpitsara, raha vao misy fandikan-dalàna dia afaka manenjika avy hatrany ny mpanao meloka. Izay no antony nanesorana ny teny «conforme» araka ny voalaza teo aloha. Raha miteny ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana hoe enjehina na tsia dia manatanteraka na tsia ny fitsarana. Izany hoe, miankina amin'ny Minisitry ny

Fitsinjaram-pahefana no anenjehana na tsia ny Ben'ny Tanàna, ny Lehiben'ny Distrika ary ny Lehiben'ny Faritra izay nanao heloka.

Nitondra fanitsiana momba ny tsipelina tao amin'ny tatitra, Ramatoa Filoha, taorian'izay; tao amin'ny pejy faha-3, amin'ny teny hoe: "Chef de Province" tokony hasiana "s" daholo ny hoe "Chefs" ao amin'ny fanamarihana nataon'ny teknisiana, tahaka izay koa ny "Chef de Région".

Rehefa izany, nomeny fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, nisolotena ny Mpanolotra ny Tolo-dalàna mba hanazava fohy mikasika izany, ka toy izao no fanazavana nataony:

Sahirana ny Lehiben'ny Faritra na ny Governora ankehitriny sy ny Ben'ny Tanàna eo ampanatanterahana ny asany mikasika ny fanenjehana azy ireo eo anatrehan'ny fitsarana.

Nasiana fanitsiana ity lalàna momba ny "code de procédure pénale" ity, tsy hoe fitakiana zo tsy azo enjehina na "immunité", fa mba hanentanana azy ireo tsy hanao fahadisoana eo amin'ny fanatontosana ny asa ankinina aminy.

Tojo fahasahiranana koa izy ireo raha ny resaka fitsarana no asiana teny satria; misy heloka tsy niniany natao na "délit non intentionnel" kanefa izay no anenjehana azy sady lasa idirany any am-ponja. Raha ny andininy faha-514 amin'ny Paika ady heloka no asiana teny, voalaza ao fa ny fanenjehana ireo "Chefs de Provinces", ny "Préfets et sous-Préfets" ary ny "Chefs d'arrondissements administratifs" dia mitaky alalana mialoha na "ordre de poursuite" avy amin'ny Mpampaoa avy amin'ny Fitsarana Ambony na ny (Procureur Général près de la Cour d'appel). Raha mandinika isika, tsy voasoratra ao kosa ny momba ny "Chefs de Régions" sy ny «Maires». Izay no antony voalohany nahatonga ny fanovàna natao, mba ahazona mampiditra azy ireo ao amin'io andininy io.

Manarak'izay, tsara raha takiana ny hevitra na ny «avis» avy amin'ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana izay mpiahys an'ireo tomponandraikitra voalaza teo ambony mialohan'ny hanenjehana azy satria io Minisitera io no mahafantatra bebe kokoa ny raharaha momba azy ireo. Izany tsy fitsabahana amin'ny asam-pitsarana akory fa fanatsarana ny andininy ao anaty Paika ady heloka.

Eo anatrehan'izay fanatsarana netina izay, mitaona antsika Solombavambahoaka mba handany ny Tolo-dalàna izahay.

Taorian'izay, nambaran-dRamataoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa tsy ekeny ny hanovàna ny Governora ho "Chefs de Régions" satria fanapahana politika nataon'ny Filohampirenena no nanendrena azy ireo, raha ny pejy faha-3, andalana faha-2 ao amin'ny tatitra no jerena. Izany hoe, tsy miombon-kevitra amin'ny teknisianan'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena ny tenany.

Momba ny fanenjehana, tsy mazava ny antony ilana na tsia ny "avis" satria tsy voalaza mazava koa ny fanenjehana hatao. Rehefa inona no ilana "avis"; aminay raha tratra manao "détournement de deniers publics", tokony tsy ilana «avis» intsony izany, fa ny «faute de gestion» no tokony hakana azy. Izany hoe, "infraction bien déterminée" no ampiharana azy.

Iza no maka ny "avis", ny mpitoky ve sa ny olona notoriana sa ny mpisolovava. Raha tsy manana mpisolovava ny olona toriana dia manao ahoana no fandehany.

Nomarihany fa handany ny Tolo-dalàna ny tenany saingy mila fanatsarana ihany ny fametrahana ny lalàna amin'ny asan'ny olom-boafidy sy ny solotenam-panjakana, indrindra ny fiarovana azy ireo.

Andriamatoa MAMANGY Norbert indray nanamarika, fa mety ny nanolorany ity Tolo-dalàna ity satria olom-boafidy tahaka ny Solombavambahoaka koa ny Ben'ny Tanàna saingy maro ny mpanakorontana eo ampanatontosana ny asany. Mitebiteby izy ireo rehefa toriana, tsy fantatra na higadra na tsia; noho izany, manome fitoniana ho azy ireo ny fahalanian'ity Tolo-dalàna ity. Misy koa anefa zavatra tokony hotsipihana: raha sanatria manolana ve ny Ben'ny Tanàna, tsy tokony hakana "avis" izany satria heloka bevava sady tsy asany rahateo koa.

Teo anatrehan'izay, nitaona ny Solombavambahoaka namany ny tenany, mba handany ny Tolo-dalàna.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot kosa nanamarika fa efa Ben'ny Tanàna ny tenany sady nampidirina am-ponja noho ny fanatanterahany ny asany. Eo amin'ny adidy tontosaina mandritra ny "mandat", ho fampandrosoana ny Kaominina, eo ny mpanohitra no miandry kendry tohina; mitady izay fomba hanamelohana ny Ben'ny Tanàna, koa maninona raha mba miandry ny fahataperan'ny fe-potoam-piasany vao mametraka fitoriana satria matetika tsy mitombina izany, ka lasa tsy manana fitoniana izy eo ampanao vany ny asany araka ny voalazan'ny namana teo aloha.

Nomarihany koa fa tsy mitaky mari-pahaizana ny filatsahan-kofidina ho Ben'ny Tanàna ary tsy misy ihany koa sekoly manofana izany eto amintsika. Notsindriany, etsy andaniny; maro ny Ben'ny Tanàna no lany amin'izany toerana izany na dia tsy mahay taratasy akory aza noho ny fitiavan'ny vahoaka azy. Eo anatrehan'izany, raha sendra misy fahadisoana momba ny kopja, izay dia efa ampy itoriana ka lasa mampigadra azy. Ankilany kosa, misy ny Ben'ny Tanàna minia manodinkodina ny volan'ny Kaominina, toy ny "caisse-école", ny "subvention" isan-karazany ka ireo no tokony henjehina, fa tsy izy rehetra no manao izany.

Nohamafisiny ny hananan'ny Ben'ny Tanàna "immunité" faran'izay kely raha azo atao amin'izay mba misy fitoniana eo aminy rehefa manao ny asany ary nomarihany hatrany, fa maro izy ireo no mbola miandry fitsarana amin'izao fotoana izao; misy ihany koa Kaominina, tsy manana Ben'ny Tanàna hatramin'izao isika miteny izao noho ny raharraham-pitsarana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa IDEALSON, nanamarika fa hamaly ny teny nataon'Andriamatoa VELANTSARA Paul Bert aloha.

Nambarany fa olom-boafidy no sady olom-panjakana ny Ben'ny Tanàna; noho izany misy rafitra mahalala kokoa ny zava-misy any amin'ny toerana nahavoafidy sy iandraiketany; toy ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana.

Io Minisitera mpiahy io no anaovana tatitra rehefa misy zava-miseho; ohatra, tsy afaka miasa ny Ben'ny Tanàna mandritra ny fotoana tahaka izao. Tahaka izay koa ny an'ny fitsarana, satria resaka fandikan-dalàna eo ampanaovana ny asany no tenenina eto. Marihana fa tsy ho voavory eo noho eo ny "dossiers" mikasika ny Ben'ny Tanàna raha misy fitoriana atao aminy ary miaraka amin'ny porofo koa izany. Ohatra, ny mikasika "marché public" satria tsy maintsy misy porofo entina vao azo enjehina izy. Izay zavatra izay no ialana amin'ny mahaolom-boafidy azy.

Mety aminay ity Tolo-dalàna ity ary fanitsiana nentina efa noraisina koa

Momba ny teny hoe: Governora, ny vaomieran'ny lalàna mihitsy no njery satria ny rinjan-teny hasiana fanovàna eto dia ny "code de procédure pénale".

Fantatra fa ny "code de procédure pénale", zavatra nisy efa ela satria ny teny nampiasaina tao aminy dia ny «Préfets, sous-préfets, Chefs d'arrondissements, Chefs de Provinces», fa tsy nisy hoe Governora mihitsy. Araka ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmparenorena na ny HCC, tsy nametraka an'izay izy, saingy ny andraikitra sahaniny dia mitovy amin'ny asan'ny "Chefs de Régions" izay tokony ho voafidim-bahoaka, fa natao notendrena vonjy maika ihany. Ny "code de procédure pénale" anefa hatreto dia rijan-teny maharitra izay hampiasain'ny Malagasy amin'ny fotoana haharitra koa. Raha ny Lalàmparenorena no jerena, ny "Chefs de Régions" no olom-boafidy eny amin'ny Faritra, kanefa izahay tsy manohitra ny politikan'ny Filohampirenena saingy ny antony, ny Governora, mbola tsy voafidy fa voatendry, ny rijan-teny anefa zavatra hipetraka maharitra. Izany hoe, tsy hanao «texte» vonjy maika ho an'ny Governora fotsiny isika, fa hitsinjo lavitra.

Nanamafy ny handaniana ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Andriamatoa DINAH Romual kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa raha lazaina fa harovana isika Malagasy dia maneho fanararaotana. Mikirakira volam-panjakana ny Ben'ny Tanàna; izany hoe, mamoaka sy mampiditra volam-panjakana, ka tokony samy hahalala mialoha ny vola tsy azony ampiasaina ho azy manokana na olona tsy nahita fianarana firy aza. Raha bangoina, tsy tokony hasiana avakavaka, fa rehefa manodinkodim-bolam-panjakana, ny lalàna no ampiharina aminy.

Ny zavatra tsapa, ny olona arahi-maso indray no lasa voaara-maso. Izany hoe, misy kolikoly miseho amin'ny fanatanterahan'ny Ben'ny Tanàna ny asany. Raha azavaina, rehefa mandeha manara-maso ny asan'ny "Maires" ny mpanara-maso; omen'ny Ben'ny Tanàna vola be izy ireo, ka lasa milaza zavatra diso amin'ny tatitra ataony any amin'ny mpaniraka azy. Ny dikan'izay, tsara ny asa vita, kanefa mifanohitra amin'izany ny tena zava-misy any antoerana. Marihana, fa tsy ny rehetra no manao izany, fa ireo "Maires" mpanao kolikoly.

Aminay, nanamafy ny tenininy izy; safidy ny manodinkodim-bolam-panjakana, ka tokin'izay hanao izany na tsia. Izay tratra kosa, aoka mba hilanja ny yokany fa tsy harovana intsony.

Nanao satroka, Andriamatoa PAUL Bert ary nilaza fa tokony ho hita any anaty "décret d'application" ny hoe: inona no ilana sy tsy ilana "avis".

Ny momba ny Governora sy ny "Chefs de Régions" kosa, angatahanay fanazavana avy amin'ny teknisianan'ny Minisitera satria saropiaro amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filohampirenena izahay ary tsy "période transitoire" no nametrahana ny Governora, fa natao haharitra. Izany hoe, tokony hatao an-tsortra ny momba azy.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, nanambara ny fialan-tsiny tamin'ny tsy fahatongavan'ny Minisitra niatrika izao favoriana izao no nataon'Andriamatoa ANDRIAMANANA Ramahavokatsoa, Tale jeneraly avy amin'ny Minisiteran'ny Fintsinjaram-pahefana.

Nambarany koa, fa feno ny adihevitra notontosaina teo ary ny momba ny resaka Governora, hapetraka any amin'ny fanapahan-kevitry ny Filoham-baomiera izay sosokevitra izay.

Ramatoa RAKOTONIRINA Volaniaina, Talen'ny Fanaovan-dalàna ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana kosa nanamarika fa anisan'ny mpitondratenin'ny Governemanta ny Governora amin'ny ankapobeny; efa nisy fangatahana ny hanesorana ny teny hoe Governora, hialana amin'ny fikitihana matetika ny voambolana ao anaty lalàna momba ny Paika ady heloka, mba ho zavatra maharitra no hipetraka ao aminy. Raha sanatria misy ny fanenjehana ny Governora miasa amin'izao fotoana izao dia voaaro ato anatin'ity Tolo-dalàna ity izy, fa tsy sanatria hoe tsy voalaza ato ny momba azy ireo manokana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, nilaza fa tsara ny Tolo-dalàna ka tokony holaniana ary ny "avis" araka ny voalaza teo, tsy natao hiaro na hanameloka ny Ben'ny Tanàna rehefa misy fanenjehana, fa arakaraka ny tranga miseho. Eo anatrehan'izay, samy mahatsapa isika fa sarotra ny resaka politika raha mifangaro amin'ny asa atao. Noho izany, tokony hodinihana momba io "avis" io.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Nanao satroka hatrany, Andriamatoa PAUL Bert ary nanamafy fa mbola amin'ny teny hoe Governora sy "Chefs de Régions" no hasiary tsindrim-peo: tsy voasoratra ao anaty Paika ady heloka ny "Chefs de Régions" hatreto, kanefa voasoratra ao anaty Lalàmpanorenana saingy tsy voarara ny fitenenana azy hoe tsy azo ovaina. Tsy anisan'ny zavatra voalaza hoe tsy azo ovaina io teny io ao anaty Lalàmpanorenana. Tsy hitanay izay mahatonga ny teknisianan'ny Governemanta milaza hoe, tsy azo ovaina io teny io, kanefa fanapahan-kevitra politika napetraky ny Filohampirenena izany. Tsy resy lahatra izahay momba io teny io, kanefa tsy misakana ny handaniana ny Tolo-dalàna saingy ny nanaovan'ny Governemanta azy no tsy mety. Noho izany, tsy miombon-kevitra amin'ny teknisianan'ny Minisitera sy ny Antenimierampirenena izahay. Raha ny marina nandinika ny Filohampirenena vao nandray ny fanapahan-kevitra hoe, aleo atao Governora no apetraka mba hampisy lanja ny mpitantana ny Faritra.

Nanambara, Andriamatoa MAMANGY Norbert, fa mety foana ny teny atao amin'io andininny io na Governora na Lehiben'ny Faritra. Ny fiarovana ny olom-boafidy no tena zava-dehibe aminay, mba hisian'ny fitoniana amin'ny fanatanterahany ny asany.

Raha ny marina aleo laniana ny Tolo-dalàna satria efa fotoanany izao.

Andriamatoa MOHAMAD Ahmad kosa, nilaza fa tsy mitantam-bolam-panjakana ny Solombavambahoaka, izay no antony nahazoana ny "immunité"; fa ny "Maires", ny "Chefs de Régions" ary ny Governora no nomena fahefana hanao izany. Raha ananana porofo mazava fa nanao "détournement de deniers publics" izy ireo dia tsy tokony hilana "avis" intsony, fa ampidirina am-ponja avy hatrany.

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka nitondra fanamarihana momba ny Tolo-dalàna, Ramatoa Filoha ary nanambara fa mifarana ny adihevitra.

Nomarihany fa nisy sosokevitra napetraky ny Solombavambahoaka vitsivitsy teo momba ny hoe aleo avahana ny fanodikondinana volam-panjakana. Handraisana fanapahan-kevitra izay rehefa tonga amin'io resaka iray io ary mety hisy "reformulation" izany.

Nambarany koa, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nomarihany, fa ahitana andininy miisa dimy ny Tolo-dalàna.

Famelabelarana ny antonantony: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 13 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Andininy voalohany: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo ny tovana)
Eto no ahitana hoe ampidirina na tsia ny Governora ao amin'ny andalana faha-2.

Atsangano ny tènan'izay milaza fa ampidirina ny Governora.

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 5 no nandany; Solombavambahoaka miisa 6 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy ampidiriana ao ny anaran'ny Governora fa mijanona ho "Chefs de Régions" ihany saingy misahana ny asan'ity farany ny Governora ary tafiditra ao anatin'ity lalàna ity.

Izany hoe, izay nolianian'ny Vaomiera tao amin'ny andininy voalohany no ambara fa andraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 12 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Amin'io andininy voalohany io ihany no nametrahana ny sosokevitra hoe: «Lorsqu'un Maire ou un Chef de Région est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit commis dans l'exercice de ses fonctions, la poursuite ne peut être engagée que sur l'ordre du Procureur Général...»; eo no misy ny hoe: «hormis le détournement de deniers publics».

Izany hoe, «Lorsqu'un Maire ou un Chef de Région est susceptible d'être inculpé d'un crime ou d'un délit, à l'exception de deniers publics»; no handraisana fanapahan-kevitra; izay milaza fa tsy ilana ny hevitra na ny «avis» avy amin'ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana raha toa fanodikondinam-bolam-panjakana.

Atsangano ny tangan'izay manaike an'izay.

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 13 no nandany; Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka; tsy nilaza ny heviny iray.

Izany hoe, misy «reformulation» hatao milaza, fa rehefa voaenjika ny Ben'ny Tanàna na ny Lehiben'ny Faritra sy ny tomponandraikitra voalaza amin'ity andininy voalohany ity, ankoantry ny fanodikondinam-bolam-panjakana dia ilana ny hevity ny Minisitra mpiahy.

Momba ny fanontaniana nipetraka hoe, iza no manao ny "poursuite"; iza no mangataka ny "avis". Ny "verbalisateur" no manao ny "poursuite", izy no mangataka ny "avis" any amin'ny Minisitra mpiahy, fa tsy ny olona enjehina. Izany hoe, ao anaty antontan-taratasim-panenjehana no ahitana ny "avis". Tsy "immunité" ho an'ny Ben'ny Tanàna izany, fa antontan-taratasy tsy maintsy fenoina.

Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 14 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-2 tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-3, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-5, tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale» ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-009-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale» natolo-dRamatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tonga nanatrika ny fivoriana no nasertriny ny teny nataon-dRamatoa Filoha ary taorian'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna, nohamafisiny fa horaisina ny sosokevitra nomen'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo sy ny natolotry ny solotenan'ny Governemanta.

Fankasitrahana ny solotenan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka nandany ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny sady nanambara ny tokony hampidirana ny sosokevitra voalaza teo koa ny tenany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahys ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka ny Alatsinainy 13 Jona 2022, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny "Réunion des membres du Bureau Permanent", hatao ao amin'ny "salle BP".

Niato tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

